



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Fitiavana • Tenindrazana • Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY  
TAONA 2023**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FAMINTINANA NY FIVORIAMBE**

**LAHARANA FAHA-249**

**TATITRY NY ASA VITAN'NY MINISITERAN'NY HARENA AN-KIBON'NY TANY  
SY NY LOHARANON-KARENA STRATEJIKA**

Fivoriana faha-10  
Natao ny  
Alakamisy 25 may 2023  
- Atoandro -

## FIVORIAMBE

**FILOHA:** Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré

**MPITANTSORATRA:** - Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle  
- Ramatoa NAHARIMAMY Lucien Irmah

**FOTOANA:** Alakamisy 25 Mey 2023, tamin'ny 11 ora sy 10 minitra, atoandro.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fivoriambe anaovan'ny Minisiteran'ny Harena An-kibon'ny Tany sy ny Loharanon-karena Stratejika tatitry ny asa vitany.

Nitohy ny Alakamisy 25 Mey 2023 tamin'ny 11 ora sy 10 minitra, atoandro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré, Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena avy amin'ny Faritanin'Antananarivo no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory sy ny solotenan'ny Governemanta, Andriamatoa Mpitarika fivoriana dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao fiantsoana ny anaran'ny Solombavambahoaka tonga nivory.

Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle, no nanatanteraka izany.

Rehefa izany, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, ka izany dia fivoriambe hanaovan'ny Minisiteran'ny Harena An-kibon'ny Tany sy ny Loharanon-karena Stratejika tatitry ny asa vitany manoloana ny Antenimierampirenena.

Taorian'izay, nomeny fitenenana, Andriamatoa RAKOTOMALALA Herindrainy, Minisitry ny Harena An-kibon'ny Tany sy ny Loharanon-karena Stratejika, mba hanatanterahany ny anjara tatitra avy amin'ny Minisitera sahaniny.

Fiarahabana ny mpikambana eo anivon'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena sy ny Solombavambahoaka no nataony voalohany.

Rehefa izany, nambarany fa mizara roa ny tatitra hataony.

Voalohany, mikasika ny lalàna sy didim-panjakana na ny "cadre légal" ahafahan'ny Minisitera iadidiany miasa.

Faharoa manarak'izay, ny resaka ara-bola sy ny zava-bitan'ny Minisitera, tamin'ny alalan'ny volam-panjakana nampiasaina.

Amin'ny maha Minisitera ny Minisitera dia tsy maintsy mametraka "cadre légal" ny Minisiteran'ny Harena An-kibon'ny Tany sy ny Loharanon-karena Stratejika, mba hampiroboroana ny sehatry ny harena an-kibon'ny tany eto Madagasikara.

Tamin'ny taona 2022 sy tamin'ny fanombohan'ny taona 2023 dia maromaro ny didim-panjakana navoaka mifehy ny harena an-kibon'ny tany. Tao koa fanavaozana maromaro no novolavolain'ny Minisitara. Marihana fa misy fiantraikany amin'ny vokatra tsara azon'ny Minisitara izay holazaina amin'ny tapan'ny faharoan'ny tatitra hatao izany.

Anisan'ny "réforme" na fanavaozana nataon'ny Minisitara ny fanokafana seha-pihariana ho an'ny harena an-kibon'ny tany teto amintsika. Tao ny fanondranana vato sarobidy mankany ivelany, raha nakatona ny fanondranana izany teo aloha. Nosokafana tamin'ny faha-20 Septambra 2022 ny fanondranana izany, taorian'ny fametrahana ny "mise à jour des valeurs marchandes des produits des mines" ary nampahafantarina tamin'izany fa ny "valeur fixée" tamin'ny volana Martsa 2001 no nampiasaina tamin'ny fandraharahana ny harena an-kibon'ny tany. Mbola FMG no vola nampiasaina tamin'izany fotoana izany ary tsapa fa ambany ny vidin'ny vatosoa namidy tamin'izay noho ny sandam-bolantsika ambany torak'izay koa.

Izany no antony nanaovana ny "mise à jour" ny vidiny amin'izao fotoana izao.

Efa napetraky ny Minisitara eny ifotony koa ny "zones d'encadrement des petits exploitants miniers" mba ho fepetra ahafahan'ireo mpitrandraka harena an-kibon'ny tany madinika hiasa ankahalalahana. Tamin'ny 4 Mey 2022 no nanaovana izany ary notapahina sy nolanina teo anivon'ny Filankevitry ny Minisitara. Noho izay antony izay, afaka mampitombo ny vokatra ny mpisehatra amin'ny harena an-kibon'ny tany ary ao anaty fanarahan-dalàna no anaovana izany.

Novaina tamin'ny alalan'ny didim-panjakana koa ny "régime de l'or" araka ny efa voalaza tamin'ny fanolorana ny volavolan-dalàna mikasika ny «code minier» teto amintsika, mba hamerenana ny fanondranana volamena mankany ivelany amin'ny fomba ara-dalàna. Nosokafana tamin'ny fomba ofisialy izany tamin'ny roa volana lasa raha tsy diso ny fitadidiana.

Napetraka mazava tsara koa ny fanarahana ny "cahier des charges minières" tao anatin'iny lalàna iny. Noho izany, nisy ny fanovàna nentina tamin'ny andininy sasany tamin'ny lalàna mamaritra ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany eto amintsika. Ohatra amin'izany ny fanovàna sy fanitsiana ny andininy faha-151, mba hisian'ireo fepetra amin'ny fanomezana fahazoan-dalana mialoha amin'ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany izay natao tamin'ny volana Jolay 2022.

Napetraka ny sata mifehy ho an'ny ITIE na ny «Initiative pour la Transparence des Industries Extractives» ho fametrahana ny mangarahana amin'ny sehatry ny harena an-kibon'ny tany eto amintsika, mba ahafahana manatsara ny seha-pihariana mikasika ny harena an-kibon'ny tany.

Raha momba ny ara-bola kosa, nisy vokatra azo tamin'ny fanavaozana nataon'ny Minisitara. Hita izany teo amin'ny fampiakarana ny "valeur d'exportation des produits miniers", tao koa ny "contexte international" izay nisy ny nahamety azy tsara.

Mitentina 5 440 427 021 357 Ariary ny "valeur d'exportation des produits miniers déclarée", araka ny voasoratra ao anaty "document" nozaraina tamintsika teo, raha tamin'ny taona 2022 no asiana teny. Io no ambony indrindra raha jerena hatramin'ny tamin'ny taona 2018 ka hatramin'izao. Nisy ny «rapatriement» koa tamin'ny taona 2022 ihany, izay nahatratra 5 059 937 320 626 Ariary. Ny taha tamin'io taona io no ambony indrindra ihany koa izay

nahatratra 94,60% izany. Nanampy tamin'ny fanarenana ny fitontongan'ny volantsika ny fampiakarana ny fanondranana ny harena an-kibon'ny tany raha tamin'ny herin-taona sy amin'ity taona 2023 ity no asiana teny.

Mikasika ny fotodrafitrasa, navaozina ny "bureau d'administration minière" tany Miandrivazo, Antsohihy ary Tsiroanimandidy.

Nasiana fefy ny "Atelier Communautaire de transformation et lapidairerie" tao Antsirabe.

Misy trano miisa telo no namboarina nanomboka tamin'ny taona 2022, ka hotohizana amin'ity taona 2023 ity ny «Bureau d'Administration Minière (BAM) ao Ihorombe, Fénérive-Est any Ambositra.

Mikasika ny vola natokana ho an'ny Minisitera tamin'ny taona 2022 dia mitentina 21 882 000 000 Ariary izany ary 92% ny "taux d'exécution budgétaire" amin'izao fotoana izao.

Nihena ny tetibola tamin'ity taona 2023 ity, lasa 19 820 000 000 Ariary no entina miasa. Efa eo ampanatanterahana ny asa mifanaraka amin'ny "taux d'exécution budgétaire" eo ampelan-tàhana ny Minisiteran'ny Harena An-kibon'ny Tany sy ny Loharanon-karena Stratejika amin'izao fotoana izao.

Fisaorana ny rehetra no namaranany ny fandraisam-pitenenana nataony.

Rehefa izay, nisaotra an'Andriamatoa Minisitry ny Harena An-kibon'ny Tany sy ny Loharanon-karena Stratejika, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, tamin'ny tatitra nataony mikasika ny Minisitera iadidiany.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana dia nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka ny tenany, ka nambarany fa hisy ny tohin'ny tatitry ny asa vitan'ny Minisiteran'ny Industria, ny Varotra ary ny Fanjifana; ny Minisiteran'ny Jono sy ny Toekarena Manga, izay hatao androany amin'ny 3 ora, tolak'andro.

Fanentanana ny Solombavambahoaka mba ho tonga maro hanatrika izany no namaranany ny teniny.

Niato tamin'ny 11 ora sy 25 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Mpitarika fivoriana.

NY FILOHA

RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

